Skoto eto Madagasikara **2**

**Maniry ho mpanara-maso amin'ny fotoam-pifidianana**

22 february 2002 **3**

**Nitondra aina vao ho an'ny Malagasy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 26 febroary 2022 Laharana 1267

Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Vokatry ny ady eo amin'i Rosia sy Ukraine **7**

**Tafakatra mihoatra ny 100 dolara Amerikana ny barila ny solika**


**Mitohy ny tsy fangaraharana** **2**

# Tsy hita izay nambaran-dRajoelina avy any Bruxelles




**Raharaha fikasana hamono olona** **2**

# Nidoboka eny am-ponja i Raissa




**FOKTIM Ambohimanandray** **2**

# Fanamafisana ny antoko ny fanetsehana ny fototra



**Tovovavy 18 taona lavo tamin'ny fiainana** **6**

# Navotan'ny « sorabe spécial » teny Itaosy



**Kaominina Talatamaty** **2**

## Tratra ny 70 ka hatramin' ny 80% ny tetikasa

**Tranombarotra Baolai** **6**

## Misy « arrivage panneaux solaires »

**Daka kely**

Toa tsy re tsaika sy tsy nisy werawera ny fahatongavanareo avy any an-dafy ry Boaikely, fa ahoana a ?

FOKTIM Ambohimanandray

# Fanamafisana ny antoko ny fanetsehana ny fototra

Nanavao ny birao mpitantana azy ny alakamisy teo ny FOKTIM Ambohimanandray, ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra. Tafajoro nandritra izany ny birao vaovao'ny FOKTIM, mbola lany ho filoha Ramatoa Rasoarilala Josephine, nisy fanavaozana kosa ireo mpikambana amin'ny birao. Nandritra izany koa no natao ny famelomamaso ny antoko TIM tao amin'ity fokontany Ambohimanandray Ambohimanarina ity. Tonga maro ireo mpikatroka tamin'io fotoana io. Nanome voninahitra ny fotoana ny solontenan'ny DisTIM Boriboritany faha-6, ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga. Nivoitra nandritra ireo lahateny nifandimbiasana fa fanamafisana ny antoko ny fanetsehana ny fototra toy izao natao izao. Nandritra izao fotoana izao koa no nananganana ny birao'ny Tanora sy ny Vehivavy TIM Ambohimanandray. Namaranana ny fotoana ny fiaraha-miasakafo, nifampizarana  ny nofon-kena mitam-pihavanana, izay nomanin'i Martial Tovonirina, Malagasy avy amin'ny GTT-RMDM Diaspora La Reunion, izay mandalo eto an-tanindrazana amin'izao fotoana.



*Josephine Rasoarilala (mijoro mikabary), filohan'ny FOKTIM Ambohimanandray Ambohimanarina.*

**Isambilo**

COMTIM Ambohitrimanjaka

# Tsy diso anjara tamin'ny fiarahabana ny filoha Ravalomanana

Mitohy hatrany ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitry ny taona vaovao, fiarahabana ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny RMDM (Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara), sady filoha nasiônalin'ny antoko TIM, eny Faravohitra. Ny alakamsiy teo, ny COMTIM Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo indray, no nifampiarahaba tratry ny taona tamin'ny filoha Ravalomanana. Fifampidinihana teo amin' ny ray aman-dreny sy ny zanaka ihany koa no natao nandritra izany fotoana izany. Nivoitra tamin'ny fihaonana, fa miroborobo sy velona ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny kaominina Ambohitrimanjaka, avy amin'ny antoko TIM rahateo koa ny ben'ny tanàna ao antoerana dia Dr Randriamanalintsoa Ihajasoanirina. Tsy mitsahatra ny manentana ny fototra ny COMTIM Ambohitrimanjaka, tonga amin'ilay fitenenana hoe : « sioka tokana fotsiny dia tonga avokoa ny mpikatroka rehetra », amin'ny fotoana ilana azy.



*Ny avy amin'ny COMTIM Ambohitrimanjaka teny Faravohitra.*

**Isambilo**

Skoto eto Madagasikara

# Maniry ho mpanara-maso amin'ny fotoam-pifidianana

Fotoam-pankalazana lehibe ho an'ny skoto maneran-tany ny andron'ny talata 22 febroary lasa teo iny, fotoam-pahatsiarovana ny nahaterahan' i Baden Powell mpanorina ny skoto, izay tsy nanadinoan'ny firaisan'ny skotisma malagasy ny anjarany ihany koa. Maro ireo Raibe, Renibe, zokiolona efa nanao izany fahiny, ka nilaza am-pahatsorana fa be ny tombontsoa azo, eo amin' ny ara-batana, aratsaina, ara-panahy, sy ny maro hafa eny amin'ny fiaraha- monina samihafa eny.
Nilaza izy ireo, tily, antily, kiady, mpanazava tamin' ny taona 60, fa mitohy hatrany ny asa sy fiarahamiasa, mba maniry izy ireo fa amin'ny fotoam-pifidianana 2023,  moa ve tsy tsara raha ireo skoto no atao mpanara-maso ny birao isanisany, miaramiasa amin'ny CENI? Ny fokontany iray hoy izy ireo dia misy tempoly, eglizy, fiangonana samihafa izay ahitana sampana skoto hatrany, ka azo inoana fa afaka hiara-hiasa amin'ny olon'ny fokontany ihany koa sy ny biraom-pifidianana misy amin'izany fotoana. Ny Vavy antitra iray mpanazava fahiny aza moa dia nilaza nandroso hevitra manao hoe: maninona raha haverina manontolo ny fanisam-bahoaka mpifidy, dia ankinina amin'ireo skoto efa ho 40.000 mahery manerana ny firenena sy mitsinjara manerana ny fokontany marobe ihany koa, izay azo antoka tsara eo amin' ny tontolo manodidina. Anisan'ny vaha-olana io nolazainy io, satria raha ety Ambatofotsy-Avaratra no misy anay ohatra hoy izy, dia ny skoto avy amin'ny Ecar, Fjkm, Flm ety an-toerana no afaka hanao ny fanisana amin' ny fomba marina, malaky, sy miandraikitra ny lalao rehetra toy ny ataon'ny mpitsara lalaom-panatanjahantena.

**Beharo**

Kaominina Talatamaty

# Tratra ny 70 ka hatramin'ny 80% ny tetikasa



*Ny ben'ny tanànan'i Talatamaty Raharinoasy Elie Dominique.*

Nisongadina nandritry ny tatitry ny asa vita tao anatin'ny taona 2021, fa tratra ny 70 ka hatramin'ny 80%-n'ireo tetik'asa nokasaina raha ny nambaran'ny ben'ny tanànan'i Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo, Raharinoasy Elie Dominique, ben'ny tanàna voafidy tamin'ny antoko TIM, tamin'ny mpanao gazety. Isan'izany ny làlana vita pavé mirefy 1 km tao amin'ny fokontany Amborompotsy sy Faralaza. Teo ihany koa ny fametahana jiro mandeha amin'ny angôvo avy amin'ny masoandro maherin'ny 200 tamin'ireo fokontany 12 mandrafitra ny kaominina. Nahavita sekoly misa roa ihany koa ny kaominina tao amin'ny fokontany Ankadivory sy Ambohinambo. Vita ihany koa ny fananganana ny Csb2 tao Talatamaty, ary tsy hadino ireo zokiolona sy sahirana rehefa fetin'ny fahaleovantena sy ny faran'ny taona. Ho tohizana ireo asa efa natomboka raha ny nambarany amin'ity taona ity toy ny làlana, fametahana jiro, fahasalamana, izay iarahana amin'ny malala-tànana, ny rano fisotro madio, fanohizana ny sosialin'ny mponina, sns… ary tanjona ny fahavitana ny karaman'ny mpiasa sy ny fampitomboana ny fampidiran-ketra, na dia misedra olana aza ny kaominina amin'ny aretina covid- 19 eto Madagasikara.

**Rajo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Mitohy hatrany ny tsy fangaraharana

# Tsy hita izay nambaran-dRajoelina avy any Bruxelles

Mitohy hatrany ny fifamaliana eo amin'ny samy tomponandraikitra eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Mitohy hatrany ihany koa ny tranga tsy mazava amin'ny fitantanam-pirenena. Tsy maharaka intsony ny vahoaka izay natao rahateo ho tompontrano mihono mandrakariva, ka izay tiatian'ny mpitondra ambara aminy ihany, ao anaty kajikajy politikany, no ambarany. Nambara fa hisokatra amin'ny 04 Martsa izao ny habakabak'i Madagasikara. Dia hoy ny maro tsy maharaka, f'angaha tsy efa nisokatra foana hatrizay na dia tao anaty fihibohana aza? Ary taty aoriana dia niha-nidanadana izany, raha ny fahitan'izy ireo azy. Ka inona ity ambara ho hisokatra amin'ny fomba ofisialy ity? Very ny maro ao anaty sangodim-panina politikan'ny fitondrana. Izany ve no fomba itantanana firenena?
Nandrasan'ny mpanara-baovao, izay vokatry ny dian'ny filohan'ny Repoblika avy tany Bruxelles. Novoizina be ery tamin'ny haino aman-jery, indrindra ny an'ny fanjakana, ny fitaterana ny vaovao nandritry ny fivoriana natrehiny tany. Toy ny hahazo vola be ery i Madagasikara hoentiny avy any. Nangingina anefa ny fahatongavany, tsy re tsaika araka ny fomba fiteny. Dia samy nanontany tena ny rehetra mpanara-baovao: tsy nisy vokatra angaha, tsy nisy vola azo na fiaraha-miasa angaha? Matoa nangingina hoy ny sasany, dia tsy nisy vokatra mazava izay. Efa fantatra ihany ny fidehaky ny filohan'ny Repoblika rehefa misy vokatra azony izay avy any ivelany. Tonga dia resabe eny Ivato vao tonga, na any an-dapa. Efa fantatry ny maro ny fomba fanaony sy ny fiasan'ny fitondrana Rajoelina. Tsy tato anatin'ny telo taona ihany, fa efa nisy ny tamin'ny tetezamita. Tsy milaza zavatra amin'ny vahoaka raha tsy efa misy tiany hahatongavana. Hatreto, tsy mangarahara ny ataon'ny fitondrana amin'ny fomba fitantanana ny firenena. Mazava loatra fa ao anaty kajikajy politikany hatrany am-piandohana izany. Tsy mahasoa ny firenena anefa izany, ary vao mainka manamafy ny tsy fifampitokisana sy ny elanelana manasaraka ny fitondrana sy ny vahoaka entiny.

**Sôh'son**

Raharaha fikasana hamono olona

# Nidoboka eny am-ponja i Raissa



*Ramatoa Raissa Razaivola.*

Raharaha Raissa Razaivola : naiditra am-ponja vonjimaika afak'omaly alina eny Antanimora izy taorian'ny fiakarany fampanoavana. Niatrika fanadihadiana teny amin'ny fampanoavana Anosy ny alakamisy alina teo Ramatoa Raissa Razaivola, ka taorian'izay dia nampidirina am-ponja vonjimaina (MD) eny Antanimora. Tsy niaraka aminy ny zanany izay vao teraka 2 herinandro lasa izay. Tampoka ny fampiantsoana teny amin'ny fitsarana, hoy ireo mpisolovava azy ary tsy voahaja ihany koa ny fahafahana miresaka amin'ny mpisolovava. Raha ny tombatomban'ny mpisolovava hatrany dia mety ho ilay raharaha ambara fa fikasana hamono olona, no antony nampidirana an-dRamatoa Raissa Razaivola am-ponja vonjimaika izao. Tsy mbola misy daty mazava kosa mety hanatanterahana ny fitsarana azy. Nalaza koa ity Ramatoa ity tamin'ny raharaha kolikoly sy ny Ministra Imbiky Herilaza, mety misy hifandraisany amin'izao raharaha izao koa izany.

**Stefa**

## Ny Valosoa sy hadihady

# 22 febrary 2002

# Nitondra aina vao ho an'ny Malagasy

Vaninandro manan-tantara ny 22 Febroary, na ho antsika Malagasy, na ho an'izao tontolo izao, satria ny 22 Febroary no andron'ny skotisma erantany, ny 22 Febroary 1946 no nijoro arapanjakana ny MDRM tany Frantsa ary ny 22 Febroary 2002, no nanao ny fianianana voalohany ny Filoha Ravalomanana teny amin'ny Kianjaben'i Mahamasina

**ANDRON'NY SKOTISMA ERANTANY**

Ny 22 Febroary 1857 no teraka i Baden Powel, ilay miaramila britanika nanangana ny skotisma, izay no antony nandraisana ny vaninandron'ny 22 Febroary ho andron'ny skotisma erantany, mankalaza io andro io avokoa ny firenen-drehetra izay misy skoto, ka anisan'izany isika eto Madagasikara.

Lavabe raha ho tanisaina eto ny mikasika ny skotisma, fa izay heverina fa zava-dehibe ihany no ampatsiahivina dia ireto avy :

- Mino an'Andriamanitra ilay telo izay iray ny skotisma dia ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina ary manankina ny asa ataony amin'Andriamanitra.
- Manampy sy manaja ny mpiara-belona aminy tsy misy tambiny.
- Miezaka mitondra ny tenany amin'ny fahamendrehana.
- Antra biby sy tia zavamaniry.
- Tsy mikitika zavamahadomelina.

Santionany ihany ireo fa ny azo amehezana azy dia olompirenena azo itokisana satria sady mino ilay Mpahary, no miasa amim-pitiavana sy amim-pahamarinana.

Hita taratra eny amin'ny fiarahamonina ny olona niaina tao anatin'ny skotisma, ka azo anankinana andraikitra, porofon'izany ny finiavan'ireo Skoto tany Mananjary taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai, nandray anjara antsitrapo nanadio ny tanàna teo ambany fitarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana, tsy vitan'izany, f'ireo Skoto ireo dia sahy nanohitra mivantana ireo olona dimy voakaraman'ny ''Governora'' 15000 Ariary isan'olona.

**NY FIJOROAN'NY MDRM TANY FRANTSA**

Isika malagasy dia zanatany frantsay nanomboka ny 06 Aogositra 1896, noho izany dia tsy maintsy nanampy an'i Frantsa tamin'ny ady lehibe anankiroa dia ny '' 1914-1918'' sy ''1939-1945'', maro ny endrika nisehoan'izany fanampiana izany: toy ny fandefasana miaramila vatandehilahy malagasy niatrika ny tany ambava ady, tao koa ny famatsiana ireo miaramila tany an'ady, nisy tamin'izany ny nantsoina hoe ''office du riz'' dia ny fandraofana ny ankabeazan' ireo vary vokatra, izay tsy maintsy nalefa tany Frantsa, sns…

Ireo trangan-javatra ireo no nahatonga saina ireo teratany malagasy niasa sy nianatra tany Frantsa, ka vao nitsahatra ny ady lehibe faharoa ny 08 Mey 1945 dia nanapakevitra ireo tia tanindrazana malagasy ireo hanangana antoko politika, ahazoana mitaky amimpilaminana ny fahaleovantena, ka tsy mila fampiasankery fa resaka amim-pitoniana no noeritreretina natao tamin'ny frantsay.

Ny fahavitan'ny ady lehibe faharoa rahateo no nahatonga ny fijoroan'ny Firenena Mikambana, izay vokatry ny " Charte de San Fransisco ", niarahan'ireo firenen-dehibe nanatanteraka ny 26 Jona 1945. Ny Firenena Mikambana izay manana tanjona hampisy ny fandriampahalemana manerana an'izao tontolo izao.

Tsapan'ireo tia tanindrazana tany Frantsa ny fivoaran'ny toedraharaha erantany, dia izay no noharaotin'izy ireo nametraka ny fangatahana hanangana ny antoko.

Nahazo fankatoavana avy tamin'ny fitondrana frantsay ny fijoroan'ny '' Mouvement Democratique pour la Renovation Malgache" na "MDRM" ny 22 Febroary 1946, ny Dr Raseta Joseph Delphin, ny Dr Ravoahangy Andrianavalona Joseph, ny Dr Rakoto Ratsimamanga Albert, Rabemananjara Jacques, Raherivelo Ramamonjy, Rabemananjara Raymond William, sns…

Vetivety dia niely taty an-tanindrazana io fijoroan'ny '' Mdrm '' io, ka maro ireo mpiray firenena taty an-tanindrazana nanatevin-daharana ny antoko, ny Dr Rakotonirainy Joseph no Sekretera Jeneralin'ny ''Mdrm'' taty an-tanindrazana nikarakara ny fananganana ireo sampana sy fandraisana ireo mpikambana.

**NY FIANIANANA VOALOHANY NATAON'NY FILOHA MARC RAVALOMANANA**

Notanterahina ny faran'ny taona 2001 ny fifidianana filohampirenena teto amintsika, nazava ny vokatra nanerana an'i Madagasikara, fa nitarika hatrany ny Filoha Ravalomanana, ny voka-pifidianana navoakan'ny "Hcc" izay natao ivelan'ny Lapa satria tany Mantasoa, no nanaovana azy dia nanambara fa tsy maintsy hisy ny fihodinana faharoa, ka ny Filoha Ravalomanana sy ny Filoha Ratsiraka no hiatrika izany, tsy nanaiky izany ireo vahoaka marobe, ka nitaky ny fampitahana ny vokapifidianana na ''confrontation des résultats '', ny vokatra tsy ofisialy azo tamin'ireo birao fandatsahambato manerana an'i Madagasikara dia nahitana fa lany fihodinana voalohany ny Filoha Ravalomanana. Izay no nahatonga ilay fianianana voalohany natao teny Mahamasina ny 22 Febroary 2002, mpitsara ambony nanao fanamiana no nampanao izany fianianana izany.

Taorian'io dia tsy maintsy nirosoana ny fampitahana ny voka-pifidianana, ka nivoaka nandresy tamin'ny fihodinana voalohany ny Filoha Ravalomanana, nirosoana ny fianianana faharoa ny 06 Mey 2002, ara-dalàna sy ara-panjakana io faharoa io, satria ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana no nampanao izany, taorian'io dia nahazo ny fankatoavana iraisampirenena ny Filoha Ravalomanana.

Araka ny ambara tetsy aloha dia manana ny lanjany ny 22 Febroary, andron'ny skotisma erantany, satria tsy misy tsy miaiky ny olompirenena afaka mandinika, fa miavaka amin'ny finiavana sy ny fahavitrihany ireo skoto rehefa mandray andraikitra ary ao anatin'ny fanajana ny didin'Andriamanitra sy ny fitiavantanindrazana, no anehoan'ireo skoto izany. Ny 22 Febroary 1946 nijoroan'ny ''Mdrm'' ara-panjakana indray dia namoha ny firaisankina sy ny fitiavan-tanindrazana tao ampon'ireo malagasy efa vizaky ny fanjanahantany. Tsy misy ny kisendrasensendra fa mety efa voalahatra, ka ny 22 Febroary 2002 nanaovan'ny Filoha Ravalomanana fianianana voalohany dia azo ambara fa taratry ny andron'ny skotisma sy tandindon'ny fijoron'ny '' Mdrm'', ny fomba nitondrana ny tolona teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey tamin'ny 2002 no manamarina izany, satria nanjaka teny ankianja ny fifanajana, ny filaminana, ireo mpivarotra manodidina an'Analakely dia tony tanteraka, tsy nisy ny herisetra kanefa na izany aza dia sarotiny tamin'ny fitakiana ny marina ary ny fomba nitondran'ny Filoha Ravalomanana ny firenena dia mbola nahatsapana ny fomba fiasan'ny skoto sy ny fahasahian'ny ''Mdrm'', satria ny Filoha Ravalomanana no nampiasa voalohany ny vata mangarahara rehefa fifidianana, nisongadina tamin'ny fitondrana notarihany ihany koa ny fitsinjovana ny mpiarabelona sy ny fanajana ny tontolo iainana, ireo tarehimarika navoakan'ireo avy amin'ny sehatra iraisampirenena dia miteny ho azy, fa nahomby ny fitantanana.

Saingy indrisy fa 7 taona taty aoriana, ka hatramin'izao 20 taona nanaovan'ny Filoha Ravalomanana ny fianianana voalohany izao dia vao mainka tafahitsoka andavaka ny firenena.

***Ny Valosoa***

---

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Ramatahora amin'ny FB Manohana an'i Lydia Rasoarimalala ny TIM Fianarantsoa



**Fenytriniaina Radopatrick Stephano :** AU BRIGADE CRIMINEL ANTSARAMANDROSO FIANARANTSOA. Manotrona ny namana Lydia Rasoarimalala. TIM tsy mifanary.

**Onjatiana Hasivelo Andriamahefa:** marina zany.

**Donny Andriantsoa Rakotoarivony:** sao d TIM mora mivadika otrin'ilay ray iny. Mafana fo be sy mivoadivoady nefa avy eo...

**Fenytriniaina Radopatrick Stephano: Donny Andriantsoa Rakotoarivony:** kkkkkk, tsy TIM izany olona izany. Ny TIM toujours fidèle am DADA.

**Donny Andriantsoa Rakotoarivony: Fenytriniaina Radopatrick Stephano:** nilaza ho TIM izy ko. Tena niteny mintsy hoe tsy miala @ Dada h@ farany. Zany oe tsy aiko izay tena olana aloha e!Fa lanao met tsy hivadik…

**Fenytriniaina Radopatrick Stephano: Donny Andriantsoa Rakotoarivony:** kkkkkkk! mitady vola mafy.

**Nyraozy Razafimbola: Fenytriniaina Radopatrick Stephano:** zany mintsy manana fidélité tsy azo ozongozonina.

**Donny Andriantsoa Rakotoarivony: Fenytriniaina Radopatrick Stephano:** ary hain'tu lay izy matoa tu mihomehy foana an!Sady akaman'tu.

**Fenytriniaina Radopatrick Stephano: Donny Andriantsoa Rakotoarivony:** efa ela no haiko.

**Dinah Rat :** courage eeee!

Ebera Razafindraibe : mahereza ê !

**Randrianasolo Michel :** nisy zavatra nifanandrify ngamba tao. Cousin a. Efa rombotra daholo zao ny olona a !

**Hetsika Montpellier :** ny marina tsy mba maty, ary aza matahotra mihitsy, fa raha manana ny marina ianareo, manohana anareo ny vahoaka maro an'isa.

**Alam Amarson :** COURAGE AKY LYDIA!

**Lydia Rasoarimalala :** misaotra e !

**Fenytriniaina Radopatrick Stephano : Lydia Rasoarimalala:** iza lay isaorana?

**Lydia Rasoarimalala: Fenytriniaina Radopatrick Stephano:** nareo rehetra koa sa dadan' i Brian?

**Fenytriniaina Radopatrick Stephano:** Lydia Rasoarimalala: ye, sady njy sempotra be!

Hery Niaina FY : tsy rariny ny ataon-dRafanja a !

---

TONONKALO

## Miakatra ny maripana

Efa tena mihamasiaka ny vahoaka eto an-tanàna,
Manoloana ny hadalan`ireo mpitondra fanjakana.
Raha vao misy ny tsy mety, miakatrakatra ny feo
Tsy vitavita mora intsony satria maro no efa leo !

Porofo f`efa tena romotra ny vahoaka manontolo,
Manoloana irony tsindry sy karazana bontolo.
Foana ny fifandeferana miendrika fifanajana.
Raha fehezina dia tsotra : miakatra ny maripana.

Toy ny marika sahady mialoha ny fifidianana,
F`efa tofoka tanteraka sady tena leom-boanana
Ireo rehetra mankamamy sy miandrandra fivoarana,
Nefa ataon`iretsy foza ho toy ny tohatra fiakarana !

Ka na ny teny na ny ataony dia efa mampiseho daholo
Fanoherana amin`ny hery sy ny sainy manontolo.
Marimaritra iraisana, izany aloha tsy hisy intsony,
F`efa be ny disadisa mifangaro lonilony.

Ny ataon-dry veta, patsa fotsy sy ireo tsy hay fehezina,
No hiteraka an`ilay hoe "fianjerana miezinezina".
Ka tsy ny olona eny ivelany fa ireo ao an-dapa ihany,
No ho tena tompon`antoka hanafaingana an`izany.

…Teny kely tsy voatandrina dia efa ampy hampipoaka
Ny hatezerana efa miotrika ao am-pon`ireo vahoaka.
Asa raha misaina izany iretsy olona ao an-dapa,
Na dia vendrana hatrany, ka minia tsy mahatsapa !

***DADAN`i RIANA (24-02-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fananganana ny biraon'ny FokTIM Ambohimanandray Ambohimanarina Boriboritany faha-6, sady fifampiarahabana tratry ny taona teo amin'ireo mpikatroka.**


















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

**Ny fifampiarahabana tratry ny taona teo amin'ny COMTIM Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo, sy ny filoha Marc Ravalomanana, teny Faravohitra.**










**Ny faharatsian'ny lalana any amin'ny lalampirenena faha-6 (RN6) : Ambondromamy, Antsiranana. Mbola ho sarotra ny fanarenana ity lalampirenena ity.**









FANATSARANA NY FAMPIANARANA AMBARATONGA VOALOHANY

# Ny vakiteny Malagasy miaraka amin'ny fampandraisana anjara ny VOI

Faritra fito am'ireo sivy no manantateraka Zaikabem-paritra, ho an'ny Fanabeazana amin'ity taom-pianarana 2021 sy 2022, ka natao tao amin'ny trano malalaky ny Pact Spat, Splendide, Marina, Miou Miou ary Calypso, ny Alakamisy teo. Maro ny mpandray anjara tamin' izany dia ny manampahefahana eny anivon'ny Governora, ny Préfet, ny Distrika rehetra sy ny Ben'ny tanàna ato anatin'ny Faritra Atsinanana, ny Cisco ato anatin'ny Fari-piadidiam- pampianarana, ny Mpanolotsaina ny Fanabeazana, ny Lehiben'ny ZAP ary ireo Vondron'olona Ifotony (VOI) ary ny (VFF), no manantateraka izany Zaikabem-paritra, ho an'ny Fanabeazana amin' ity taom-pianarana 2021 sy 2022 ity izany. Ny Tafita sy ny Jica no mpamatsy vola an'ity Zaikabe ity. Ezaka iray lehibe napetraky ny DREN Atsinanana Ramatoa Ravolafeno Sylvie, ny tsy maintsy hanatanterahana io Zaikabe io, ka nisaotra ny rehetra sy ny mpiaramiasa, ny manampahefana rehetra , ny MEN ary Federasiona FEFFI, fa tanteraka soa amantsara ny tanjona nokendrena. Ny nampiavaka izao Zaikabe izao dia ny fanajan'ireo Mpizaika ny "Gestes barrières " isaky ny " sites" misy azy ireo. Marihina fa ny tetik'asa dia manohana ny Minisitera amin'ny fanatanterahana ny Teti-pivoaran'ny Fanabeazana na ny "Plan Sectoriel de l' Education" (PSE) amin'ny sehatra telo lehibe:

- Fitantanana ny sekoly amin'ny alalan'ny fampandraisana anjaran'ny Vondron'olona Ifotony.
- Fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana/fianarana eo amin'ny Vakiteny sy ny Kajy.
- Fampisakafoana an-tsekoly ny zaza madinika.

Faritra fito amin'ireo vaovao no manatanteraka ny Zaikabem-paritra ho an'ny Fanabeazana amin'ity taom-pianarana 2021/ 2022 ity dia Betsiboka, Vakinakaratra, Matsiatra Ambony, Ihorombe, Bongolava , Itasy ary Atsinanana. Aorian'io Zaikabe io dia hisy fiofanana ho an'ireo mpampianatra miisa 25936 avy amin'ny Faritra Fito, izay ho tanterahina mandritry ny «Journées Pédagogiques».




*Ireo anisan'ny nitarika ny Zaikabem-paritry ny fampianarana.*

***Jeff Rakoto***

Tranombarotra Baolai

# Misy « arrivage panneaux solaires »

Rehefa vanim-potoana toy izao dia maro ireo izay te hanavao ny ao an-tokantrano ao. Misy ihany koa ireo izay te hanolotra cadeaux tsara sady miavaka ho an'ny olona akaiky azy. Manana tolotra mifanojo amin' izany indrindra ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar-be Toamasina. Hoy ny tompon'andraikitra: «vao nahatonga panneaux solaires mono sy polycristaline izahay. Mbola mitohy ny « promotion-cadeaux » amin' ireo Smart Tv sy Télé Led « Jeyoo » sy « Hisense » ato aminay, misy manomboka 32" hatramin' ny 85 " (misy antoka 1 taona daholo), mandrapaha- tapitra ny stock izay misy. Ary ny entana rehetra ato aminay dia 1er choix avokoa, izay natao hatrany mifanaraka amin' ny filana sy fahefa-mividin'ny besinimaro », hoy ny tompon' andraikitra. Marika avo lenta daholo no hita ao amin' ity Tranombarotra lehibe iray ity raha resaka fahitalavitra fisaka. Anisan'izany ny « Hisense », mpanohana ofisialy ny mondial 2022. Ny eto Madagasikara dia ny Tranombarotra « Baolai » no « Représentant officiel » an 'ity marika ity efa ho 12 taona lasa izao. Mbola misy koa ny synthetiseur - fer à lisser ( volo ), cuisinière à gaz sy électrique - amplibaffle sy subwoofer rechargeable- four micro onde - réfrigérateur, - amplificateur. Ny antsipirany izany rehetra izany, dia ho hita ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin ny laharana an-tarobia 0202260588 sy 0202230848. Dia ho maro loko ity taona 2022 ity miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».



*Entana samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

***Aly***

Groupe Fred'son

# Mivoy ny « Fiderana mafana »


*Fred, mpamoron-kira eo anivon'ny tarika.*

Raha toa ka mihilana bebe kokoa amin'ny fiangaliana ny gadona milamina, hahenoana toreo hatrany ny ankamaroan'ireo « Mpivazo evenjelika » eto an-tanàna hatramin'izay. Miezaka ary mirona tanteraka ho amin'ny fampiasana ny bankira mampisonenika am-pitoerana tahaka ny tsapiky, salegy, sns… ho enti-mitory ny filazantsara sy midera an'Andriamanitra kosa ny Groupe Fred'son. « Fiderana mafana ». Io no anarana nasalotr'izy ireo ny mozika mitaiza fanahy, saina ary vatana lalaovin'izy ireo. Ampahany amin'ireo sanganasa efa nahafantarana ny Groupe Fred'son ny Mpandresy » sy ny « Hafaliana ».
Nomarihan'i Denis, vovonana iadian'ny lohan'ny Groupe Fred'son, fa asa fitoriana no ifotoran'ny tarika, fa tsy sehatra fitadiavam-bola akory. Ankoatry ny fitaizana arateknika manodidina ny feo, ireo mpikambana miisa 07 eo anivon'ny Groupe Fred'son dia misy ihany koa ny fifanabeazana, sy fifanakalozana eo amin'ireo samy mpikambana, mba hahafahan'ny tsirairay miaina ny finoana mandrakariva. Amperiny ho amin'ny fanomanana ny fankalazana ny faha- 05 taona nijoroany, izay ho marihana amin'ny taona 2023 ankehitriny ny tarika. Ampahany amin'ny fandaharam-potoana ho amin'izany ny fitetezam-paritra, sy ny famoahana kapila mangirana. Mialoha izany, efa azo ankafizina eny anivon'ireo tambazotran-tserasera ny vazo vaovaon'ny Groupe Fred'son ny « Fiderana maresaka ». Ity farany izay narindra amin'ny gadona « Tsapiky » .

***Lalasoa Razafindrakoto***

Tovovavy 18 taona lavo tamin'ny fiainana

# Navotan'ny « sorabe spécial » teny Itaosy

*Tranga hafa indray ity nahazo ilay tovovahy vao 18 taona monja ity. Zanaka olona tambanivohitra ilay sipakely ary mba te-hiavotra amin'ny fiainana satria sahirana ny ray aman-dreniny ka nivarilavo sy nisotro toaka.*

Niakatra teto Antananarivo izy ary nitady asa fa tsy nety tafiditra mihitsy. Izay orinasa mba saika handray azy dia foana ho azy teo, izay olona nilaza fa handray azy hiasa dia tsy hita fotsiny izao ary izay mba nanome toky azy, fa hiara-hipetraka aminy mihitsy dia tsy hita popoka koa. Ny vola tsy niditra, ny tenany efa miha-reraky ny adin-tsaina satria sady tsy mahita tory intsony no manonofy ratsy mihitsy aza indraindray. Mba nisy tovolahy tiany sy nokasainy ho vady mihitsy aza, fa nandà nony farany ary izay tovolahy mba notetehany ho vady dia votsotra avokoa. Nataon'ny tovolavy filandratsy fotsiny . Lasa nivarilavo ilay sipakely ka nisotro toaka sy nivarotena mihitsy aza satria tsy zakany intsony ny fahoriana mahazo azy. Teo no nisy mpiara-monina nahalala ny nomeraon'i Mr Aina mpitsabo eny Itaosy 0382902668 sy ny 0320279868, ka nasainy namonjy teny aminy haingana ity tovovavy ity.

### Tratry ny tsatoka ilay kalakely

Vao nigadona teny Itaosy ity tovovavy ity dia nisoritra teny aminy fa ratsy vintana izy. Teraka alakaosy ianao hoy ity mpitsabo ity, ka tsy ho tafita mihitsy satria vintana mpamosavy ianao ary izay rehetra ataonao dia tsy tanteraka daholo, fa na rava, na potika sy fongana avokoa ary tsy ho tafita mihitsy ianao, satria mitovy vintana amin'ny reninao ihany koa, ka tsy hifanaraka mihitsy amin'izay tokony hatao sy ilàna fanavaozana eo amin'ny fiainana ihany koa. Tsy vitan'izany fa tratry ny tsatoka nataona tovolahy tany ambanivohitra ianao hoy izy, ka tsy maintsy arerina sy amboarim-bintana. Malaza amin'ny « sorabe spécial » ity mpitsabo ity hikarakarany izay rehetra tratry ny olana sy mila vonjy. Nokarakarain'ity mpitsabo ity ny vintan'ilay tovovavy, nembohina izy ary mbola nodiovina ihany koa. Mandehana mody hoy izy ary ho hitanao fa tsy maintsy hiova ny fiainanao ary ho tafita ianao.

### Avotra ihany ilay tovovavy sady nahazo vady no niasa

Gaga aho hoy ilay tovovavy vantany vao vita fikarakarana. Ilay tovolahy nilaza fa tsy tia dia nanjary nila resaka taminy indray ary nilaza indray fa diso vava hono. Ilay hafa izay nilaza fa tsy mbola hanambady dia nilaza koa fa azo atao hono izany fa miandry fotoana fohy sisa. Fa ny tena nahagaga hoy ity tovovavy ity dia nantsoin'ilay tale jeneraly milaza fa tsy mila mpiasa, nefa dia nanjary nomena toerana mihitsy. Tsy vitan'izany fa mbola nihoatra amin'ny karama notadiavin'ilay tovovavy no nambaran'ilay mpampiasa. Tafita ilay sipakely, nahazo vady ary milamina tsara ny fiainany ankehitriny satria lasa sipan'ilay vazaha koa. Niaiky izy fa ilay fikarakarana vintana teny amin'i Mr Aina no nanova tanteraka ny fiainany ary nilaza izy fa tsy ho orim-bola intsony, satria sady tsara toerana no efa nahazo tsodrano tamin'ny ray aman-dreniny ihany koa, fa hanambady bandikely bôgôsy sady manam-bola ihany koa.

***Namana***

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao, mahakasika ny tontolon'ny baolina kitra eto amintsika. Bon anniversaire Papa… Izy no mbola môdely-nay famille Rasoanaivo amin'ny baolina kitra. Izy no Number One amin'ny fahaizam-baolina aminay, fa modian'ny fanjakana tsy hay izany. Tsy misy tambiny ny zava-bitany tamin'ny firenena Malagasy angamba, sa tsy mahalala ny momba azy ianareo ao ambony ao ireo? Amin'izao moa miseho ho tompony sy mahay baolina daholo ny rehetra. Betsaka ny secret niainanay, fa aza miady na manenjika anay amin'ny fanaratsiana ny famille Rasoanaivo, na fihatsarambelatsihy fa mampme… Velona ato am-poany ato foana ianao ry Professeur Rasoanaivo amin'ny foot-ball Malagasy. Ireo teniko ireo no cadeaux omeko anao ry Papa. Aza faly hifaninana amin'ny tompony e!

***Fidy Rasoanaivo***
***Mpilalao baolina kitra, mpanazatra***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**19/02/2022 hatramin'ny 26/02/2022**

- **ANKAZOMANGA** ( Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (‡ 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1267-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VOKATRY NY ADY EO AMIN'I ROSIA SY UKRAINE

# Tafakatra mihoatra ny 100 dolara Amerikana ny barila ny solika

Vokatry ny famakiana ady nataon'i Rosia amin'i Ukraine, nanomboka ny alakamisy lasa teo, tafakatra mihoatra ny 100 dolara Amerikana indray amin'izao fotoana ny vidin'ny barila ny solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Ny fisiana ady na fikorontanana lehibe eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena toy izao dia anisan'ny mampiakatra ny vidin'ny solika. Ny antony: ny fanetsehana tafika lehibe toy ny misy amin'izao fotoana, tsy any Rosia sy Ukraine ihany, fa na ho an'ny tandrefana koa aza dia mila volabe, mba hanetsenan'ireo firenen-dehibe ny banga amin'izay fanetsehana tafika sy fitaovam-piadiana maro be izay, any amin'ny vidin'ny solika no hetsehan'izy ireo, hakana io banga tokony ho fenoina io amin'ny kitapom-bolan'ny firenena tsirairay avy. Ankoatra izay, mitombo ihany koa ny fanjifana solika amin'izao zava-misy izao, samy manangona ny rehetra noho ny tahotra ny fifandonana amin'ny ady mety hiitatra any Eorôpa Atsinanana. Na ho ela na ho haingana, hisy fiantraikany amin'ny vidin'ny solika aty amintsika koa izao fisongan'ny vidiny eo amin'ny tsena iraisam-pirenena izao, raha tsy hoe angaha, hisy ny fandraisana antanana manokana hataon'ny fitondrana, mety tsy hisy anefa izany, satria iaraha-mahita sy mahafantatra amin'izao fotoana ny fahasahiranana mianjady amin'ny firenena, noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana Rajoelina.

***Aly***




*Barila solitany eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.*

Ben'ny tanàna ao amin'ny IPAM sy Banky iraisam-pirenena

# Betsaka ny zava-manahirana eny ifotony tokony ho vahana




*Ny sasany amin'ireo ben'ny tanàna ao amin'ny IPAM, sy ny avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena, tetsy Ampitatafika.*


Ny famahana ny olana mikasika ny fambolena, ny fiompiana, ny fampianarana, ny fanatsarana ny fahasalaman'ny mponina, ny fametrahana ny rano fisotro madio… Ireo no nasongadina nandritra ny fihaonan'ny solontenan'ny Banky iraisam-pirenena, sy ireo Ben'ny tanàna miisa 38, mivondrona ao amin'ny IPAM, izay natao tetsy amin'ny Kaominina Ampitatafika Atsimondrano ny alakamisy lasa teo. Nilaza i Ramparaoelina Rado, Ben'ny tanànan'Ampitatafika sady filohan'ny IPAM, fa fihaonana nahafahan'ny solontenan'ny Banky Iraisam-pirenena nahafantatra ny hetahetan'ny Kaominina tsirairay, sy hijery ny fomba hanampiana an'ireto farany no natao. Nanohy fanazavana ny Ben'ny tanànan'Ampitatafika, fa manamora ny fandrafetana teti-bola ahafahan'ny Banky Iraisam-pirenena mametraka paik'ady entina hampandrosoana ny Kaominina izao fifanakalozan-kevitra izao, na dia tsy ho voavaly 100 % avokoa aza ny fangatahan'ireo Ben'ny tanàna tsirairay. Naniry mafy ny hitohizan'ny fifanatrehana miaraka amin'ny Banky Iraisam-pirenena toy izao ireo Ben'ny tanàna, mba hahafahana mijery ifotony ny olan'ny Kaominina, satria ireto farany no mpanelanelana eo amin'ny vahoaka sy ny fitondram-panjakana, izay kitron'ny fampandrosoana ny firenena.

***Franck Razakambelo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 385**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0384)

***Mitsivalana***
- Bibilava
- Malaza (miv)
- Rano – BOA
- No
- Adinony
- Raiso (miv)
- Mahay – Ta

***Mitsangana***
- Barea
- Iza – Dia
- Bandy
- Ilo – Noa
- La – Nosy
- Ambony
- Tay (miv)
- Atao – Rà

## TENY MIFANARAKA N° 385




**Mitsivalana**

**1.** Tsy manaiky – Hazandrano (miv) **2.** Tontosaina **3.** Fanampin'anarana – Vizana **4.** Ako tsy misy farany – Zava-maitso **5.** Esotra – Nivazo (miv) **6.** Nantsoina **7.** Milaza fananana – Foto-tongotra (miv) 8. Fanontaniana – Volana maro 9. Nikaon-doha miaraka – Tovona (miv) **10.** Metaly – Manao valan-dresaka (miv)

**Mitsangana**

**A.** Bibilava **B.** Tafita – Mpanolotra **D.** Tampisaka – Fanehoana (miv) **E.** Fihaonam-be – Maro loko (miv) **F.** Tsirin-teny Iharana – Ak‡na vao mitombo (miv) – Taova (miv) **G.** Farihy goavana **H.** Karazan'omby (miv) – Ila, iry (miv) **I.** Ireo nateraka **J.** Nolatsain'ny ratsy natao (miv) **K.** Tsiro – Mahamay (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0384

**Mitsivalana**

**1.**Bisikileta **2.** Aba - Sola (miv) **3.** Olombelona **4.** Lokoana - Ti **5.** (H)ita - Ray - (N)on(o) **6.** No - Fo - Nosy **7.** Aizat? - Bara **8.** Nefa - Tia (miv) **9.** Tara - Alina **10.** Aorianao

**Mitsangana**

**A** Baolina **B.** Lotoina **D.** Saoka - Zera **E.** Omby (miv) - Fafao **F.** Kabaro **G.** Ena - A.I **H.** Lalaina - La **I.** Elo - Niaro (miv) **J.** Tontosaina **K.** Asaina - Tao

### NY TENY FIAINANA

*"Ary hadinonareo ny fananarana izay milaza aminareo toy ny amin'ny zanaka hoe: "Anaka, aza atao ho zavatra kely ny famaizana ataon'i Jehovah, ary aza reraka raha resi-lahatry ny anatra ataony hianao".*
***Hebreo 12:5***

**Barea de Madagasikara U23**

## Ho raikitra ny fampivondronana faha-2

Nitafatafa tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny Carlton Anosy tamin'ny alakamisy 24 febroary 2022 lasa teo, ny solontenan'ny Uficasm «Union des Footballeurs Internationaux et Cadres Sportifs Malagasy», sy ny Madas «Mobilisation Associative pour le Développement du Sport», Andriamady Chalot, niaraka tamin'ilay iraka manokana, Nazan Dolfer, sy ny mpanazatra Rabeharisoa Herimanitra David na Hery Be, sy Rakotoarimanana Christian (Christian kely) ary ny filohan'ny ligin'ny baolina kitra Alfa, nisolotena ny ligy 22. Nampahafantarina ny hanatontosana ny fampivondronana faha-2 ho an'ny Barea de Madagascar sokajy U23.



*Uficasm sy Madas teny Anosy.*

Ao anatin'ilay vina «En route pour les JO Paris 2024», izay imatesan'ny Ufiscam sy Madas efa nahavitan'izy ireo soniam-pifanarahana tamin'ny FMF izany.

Hisy araka izany ny fampivondronana an'ireo mpilalao mpila ravinahitra any ivelany, sy fanaovan'izy ireo lalao ara-pirahalahiana amin'i Cap-Vert U23 sy Comores U23 asry Algérie U23, amin'ny 21 ka hatramin'ny 27 martsa 2022 ho avy izao any Troyes France.

Eto Madagasikara kosa dia hanomboka ny fitiliana an'ireo mpilalao eto antoerana isaky ny Faritany, ka amin'ny 17, 21, 24,25 aprily sy amin'ny 1er mey 2022 ho avy izao no fitiliana faobe hatao amin'izy ireo, any amin'ny kianja « Stade d'Ampasambazaha Fianarantsoa », ka ny Ufiscam sy ny Madas no miantoka feno ny lany rehetra amin'izany nefa miantso ny fitondrampanjakana handray anjara amin'izany koa izy ireo, noho ny maha-fikarakarana ekipam-pirenena Malagasy ny raharaha.

Fantatra fa hisy ny «Grand regroupement» hampivondronana miaraka, an'ireo mpilalao «expatriés» sy mpilalao «locaux» voafidy farany, amin'ny volana mey 2022 ho avy izao, ka ho tarihan'ilay «Sélectionneur : Boualem Mankour» .

***Rainilita***


**1/8-dalan'ny «Champion 's League » any Europe**

## Ny 8 sy 9 ary 15 sy 16 martsa 2022 izao ny lalao famerenana

Ho tontosaina amin'ny ta-ata 8 sy alarobia 9 martsa ary amin'ny talata 15 sy alarobia 16 martsa 2022 ho avy izao, ireo alao 1/8-dalana miverina, amin'ny fifaninanana baolina kitra "champion's League" any Europe. Marihana fa tamin'ny talata 15 sy alarobia 16 ary tamin'ny talata 22 sy alarobia 23 febroary 2022 lasa teo, no nanaovana ny alao mandroso tamin'ity 1/8-dalana ity, ka nahazoana ny vokatra :

Sporting 0-5 Manchester City,
Paris Sg 1-0 Real Madrid,
Red Bull Salzbourg 1-1 Bayern Munich,
Inter Milan 0-2 Liverpool,
Chelsea 2-0 Lille, Villarreal 1-1 Juventus,
Sl Benfica 2-2 Ajax,
Atlético Madrid 1-1 Manchester United.

***Rainilita***



*1/8-dalan'ny «Champion 's League » any Europe.*

**« Ligue Analamanga de Judo »**

## Mitohy ny fitsidihana ataon'i Tomokazu Iwahori



*Ilay « volontaire Japonais Tomokazu Iwahori » (ankavanana).*

Mitohy hatrany ny fitsidihana an'ireo "club de judo" ao amin'ny ligue de judo Analamanga, ataon' ilay « volontaire Japonais Tomokazu Iwahori » eto Madagasikara, izay miatrika ny « Phase d'observation" ankehitriny. Isaky ny sabotsy maraina manomboka amin'ny 10 ora 30 ka hatramin'ny 12 ora antoandro dia mitarika fanazarantena misokatra ho an'ny Judokas eny amin' ny "Madagascar Judo Institut Faravohitra" izy, ka hitohy hatramin'ny faran' ny volana mey 2022 ho avy izao izany. Ny « techniques de bases » amin'ny taranja judo no hampitaina amin'izany hetsika izany. Fantatra ihany koa fa hikaraka hetsika « 1er meeting d'arbitrage » ao amin'ity MJI "Madagasikara Judo Institute" eny Faravohitra ity ihany ny « Ligue de Judo » eto Analamanga, amin'ny 12 martsa 2022 ho avy izao manomboka amin'ny 9 ora maraina, ka hatramin'ny 12 ora atoandro. Misokatra ho an'ireo « arbitres » lahy sy vavy amperinasa ity « meeting » ity, sy ho an'ireo rehetra maniry hanomboka ny hanao « arbitre de judo » ihany koa, nefa voafaritra fa tsy maintsy manao Judogi avokoa ny rehetra amin'izany hetsika izany.

***Rainilita***

### Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy saosety indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko

### NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny soa azo avy amin`ny ravina manga

Ny soa azo avy amin'ny ravina manga indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny manga dia voankazo be vitamine A, vitamine C, magnésium, Potassium.



- Tsara ho an'ny olona Diabetika izy.
- Mampidina ny tosi-drà, tsara ho an'ny olona misy tosi-drà ny misotro ny ravina manga atao dite.
- Tsara ho an'ny olona misy stress na rarintsaina lava, tsy mahita tory, matahotra, mampilamina ny saina.
- Manala ny vato ao amin'ny voa (calcul rénal).
- Tsara ho an'ny olona manana olana amin'ny taovampisefona (Asthmatique, mikohoka lava, farim-peo, voan'ny sery, voan'ny tazo).
- Fanafody mampijanona aretim-pivalananan-drà.
- Fanafody allergique ( mangidihidy ny Vatana).
- Azo atao amin'ny faritra may, apetaka eo amin'ny faritra may ilay ravina manga, mba tsy hanonitra ny fery sady anti-bacterie, na mamono mikraoba samihafa.
- Mahafaka aretin- tenda: ampangotrahana dia atao gararaka.
- Manala rivotra ao amin`ny kibo sy vavony.

Tenehina 15 min ny ravina manga dia sotroina araka-rak'ilay aretinao, no hanaovana azy dia afaka hasiana tantely ihany koa.

Afaka atao anaty vera misy rano matimaty amin`ny alina dia avela eo dia tsihifina amin`ny maraina sotroina vao mifoha.

### NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Bekodoka any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky

Ny tanànan'i Bekodoka any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Bekodoka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy satria 262 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny 90% ny mponina any Bokodoka. Vokatra any ny vary, ny menaka avy amin'ny coco ary ny mangahazo.

